# IREO FEPETRA NORAISIN'NY FITONDRAM-PANJAKANA HO AN'NY 15 ANDRO MANARAKA MANOMBOKA NY 11 JOLAY 2021

par Vonjy RANDRIANATOANINA | 12 Juil 2021 | Actualités, Coronavirus | 0 commentaires

**FEPETRA NORAISIN'NY FITONDRAM-PANJAKANA ETO AMIN'NY FIRENENA HO AN'NY 15 ANDRO MANARAKA MANOMBOKA ANDROANY 11 JOLAY 2021**

**FEPETRA ANKAPOBENY**

1. Mitohy ny Hamehana ara-pahasalamana manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara mandritry ny 15 andro manaraka.

2. Hantitranterina fa tsy maintsy hajaina hatrany ny fepetra ara-pahasalamana ary ny fepetra sakana rehetra mba hiadiana amin'ny fiparitahan'ny valanaretina Covid-19, fa indrindra amin'izao fotoana mampananontanina ny Variant Delta izao.

3. Singanina manokana fa tsy maintsy manao maska na arovava-orona ny olon-drehetra rehefa mivoaka ny trano. Ny tsy fanajana an'izany dia mahavoasazy hanatanteraka Asa ho an'ny Tombontsoan'ny Daholobe na Travaux d'Intérêt Général. Noho izany dia hamafisina manomboka amin'ny herinandro izao eran'i Madagasikara ny firotsahan'ny mpitandro filaminana amin'ny fampiharana an'izany fepetra izany.

**FEPETRA ARA-PAHASALAMANA**

4. Misokatra hatrany ny CTC-19 Village Voara.

5. Voarara ny famoriam-bahoaka mihoatry ny 400 (efajato) ato anatin'ny distrikan'i Antananarivo-Renivohitra, Antananarivo Avaradrano, Antananarivo Atsimondrano, Ambohidratrimo, Fianarantsoa I ary Antsirabe I.

6. Ny fitondrana ny razana voamarina fa matin'ny Covid-19 dia mbola tsy azo atao na ny mivoaka na ny miditra ny Faritra rehetra eto amin'ny Nosy. Koa ny fandevenana hoan'ireo izay lavon'ny Covid-19 dia tanterahina ny andron'iny ihany ary tsy mihoatra ny olona 10 no mandeha mandevina.

7. Mbola tsy azo atao ny famadihana eto amintsika.

**FEPETRA MIKASIKA NY FANDAMINANA ANKAPOBENY**

8. Mbola manankery ny fepetra tsy azo ivezivezena amin'ny alina na ny « couvre-feu » manomboka amin'ny misasak'alina ary mifarana amin'ny 4 ora maraina amin'ny Distrikan'i Antananarivo-Renivohitra, Antananarivo Avaradrano, Antananarivo Atsimondrano, Ambohidratrimo, Fianarantsoa I ary Antsirabe I.

9. Mbola mikatona ny Toeram-pandihizana (Boites de nuit) amin'ireto distrika ireto : Antananarivo-Renivohitra, Antananarivo Avaradrano, Antananarivo Atsimondrano, Ambohidratrimo, Fianarantsoa I ary Antsirabe I.

10. Ho fitsinjovana ireo mpanakanto dia azo hatao ny mikarakara lanonana an-kalamanjana afatsy amin'ireto distrika ireto : Antananarivo-Renivohitra, Antananarivo Avaradrano, Antananarivo Atsimondrano, Ambohidratrimo, Fianarantsoa I ary Antsirabe I. Tsara anefa ny manantitra fa mbola tsy maintsy hajaina ny fepetra ara-pahasalamana toy ny fanaovana arovava orona.

11. Mbola tsy misokatra hatrany ny sidina fitaterana olona avy any ivelany afa-tsy ho an'ireo sokajin'olona izay efa voafaritry ny Filan-kevitry ny Ministra.

12. Mitohy hatrany ny fisokafan'ny sidina anatiny izay iantsorohan'i Tsaradia. Tsy maintsy manao fitiliana Test anti-génique eny Ivato ora 3 alohan'ny fiaingana ny mpandeha rehetra na amin'ny fahatongavana eny Ivato ho an'ny sidina avy any amin'ny faritra.

13. Ireo Governora isaky ny faritra no mandrindra ny fandraisana ireo fepetra hafa mifanaraka amin'ny toe-java-misy any an-toerana kanefa kosa tsy maintsy hifandinihana

mialoha amin'ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana izany.

***Ny Serasera***

## Récents

CHRD 2 SAKARAHA : Nisitraka kojakoja ara-pah

CHRD ANKAZOABO ATSIMO : Nisitraka fampitaova

**COVID-19: SITUATION EPI�**

**RIPOSTE CONTRE LA COVID-**

**COVID-19: ANTONTAN'ISA N�**

## Catégories

Actualités

Coronavirus

Evènements

Nos réalisations

Projets constructions

© Copyright | Développeur